



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 08 – 14 JANUARY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

AKON'NY LANONANA FIFAMPIARAHABANA TRATRY NY TAONA TENY IAVOLOHA

Mbola mitana ny sain'ny mpanara-baovao maro ilay lanonana fifampiarahabana tratry ny taona vaovao, izay notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha ny 08 janoary teo. Anisan'ny tena nifantohan'ny resaka ny votoatin'ny kabarin'ny Filohampirenena sy ny an'ny Ambadaoron'i Maroka izay nisolo tena ireo masoivoho miasa sy monina eto Madagasikara. Nifantoka betsaka tamin'ireo ezaka vitan'ny fitondram-panjakana nandritra ny taona 2015 ny Filoha Hery Rajaonarimampianina, ary rehefa izany dia nitohy tamin'ireo vina sy paik'ady amin'ity taona mitsidika ity ny fandraisam-pitenenany. Ny Ambadaoro marokanina kosa dia nanisy tsindrim-peo manokana ny amin'ny tokony hanaovan'i Madagasikara ezaka hiatrika irery ny fampandrosoana ny firenena sy ny vahoaka ao aminy, fa tsy hiantehitra lava amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Nomeny ho ohatra tamin'izany ny firenena niaviany, izay nanao ezaka manokana mba tena hahaleotena marina. Tetsy ankilan'izay, nahazoana akony ihany koa ny hetsika « Fivorian-dovia » nokarakarain'ny Wake Up Madagascar (WUM) tetsy Antaninarenina.

Ny fitaterana ny hevitr'ireo mpanara-baovao sy ireo mpanao politika no tena nimasoan'ireo haino aman-jery. Mazava ny famakian'ny **FREE FM** an'iny lahatenin'ny Ambadaoron'i Maroka iny : taratry ny fomba fahitan'ny sehatra iraisam-pirenena ny fitantanan-draharaham-panjakana eto amintsika ireny. Hentitra kosa ny filohan'ny Fiangonana Episkopaly, ny Mgr Samoela Jaona Ranarivelo, raha nanontanian'ny mpanao gazetin'ny fahitalavitra **MA-TV**, “Aoka hitazona ny teny nomena” hoy izy. Tetsy andaniny, nanamafy ny fahavononan'ny antokony hiara-miasa amin'ny fitondrana ankehitriny i Eric Rabearisoa, filohan'ny Leader Fanilo. Teo ihany koa ny solotenan'ny sendikan'ny mpiasam-panjakana, izay nanipika fa tsy ny fampisondrotan-karama no vahaolana fa ny fampitoviana ny mari-karama. **KOLO TV** kosa dia nifantoka manokana tamin'ny fahatongavan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana teny Iavoloha. Tsy fantatra mazava, hoy ity fahitalavitra ity, izay tena loko politikan'ny TIM amin'izao fotoana izao, mbetika milaza fa manohana ny fitondrana misy ankehitriny, mbetika manakiana mafy izany fitondrana izany. Nanaitra ihany koa, hoy i **KOLO TV**, ny tsy nandraisan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo mivady anjara tamin'ny sakafo efa nomanina ho an'ireo izay nasaina, fa naleon'izy ireo nandeha nody. Somary nananilahany i **KOLO TV** nilaza hoe: “sao kosa ary tsy matoky an'ilay mpahandro izy?”

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Ankoatra izay, nitatitra ny hetsika nokarakarain'ny Wake Up Madagascar ihany koa ny mpanao gazety na an'ny **MA-TV**, **KOLO TV**, ary **TV PLUS**. Nambaran'i Mialisoa Randriamampianana fa tsy hetsika politika ity, fa natao hisarihana ny saina amin'ny volabe mikararàna laniana amin'ny fety be eny Iavoloha, nefa misy olom-pirenena miaina ao anaty fahantrana lalina. Zary teny foana tsy misy dikany izany hoe "fahaiza-mitantana" eto Madagasikara, hoy ny olom-pirenena iray nandray anjara tamin'ny hetsika, "Mba ho fanehoana ny tsy fanekeko izao zava-misy iainana izao no antony nandraisako anjara tamin'ity hetsika ity", hoy ihany izy.

FIZOTRY NY FIFIDIANANA

FIFIDIANANA LOHOLONA: NIVOAKA NY VOKATRA VONJIMAIKA

Navoakan'ny Kaomisionina Manokana Mikarakara ny Fifidianana (CENI) tamin'ny 09 janoary teo ny vokatra vonjimaikan'ny fifidianana loholona. Raha ny vokatra vonjimaika dia mitarika amin'ny isambato be indrindra ny antoko eo amin'ny fitondrana, izay tomanana hahazo seza any ho any amin'ny roa ambin'ny efa-polo any. Tsy mifarana hatreo anefa ny raharaha fa mbola eo ny famoahana ny vokatra farany ofisialy, izay hataon'ny Fitarana Avo Momba ny Lalam-panorenana (HCC). Mbola mety hiova araka izany io vokatra vonjimaika io, satria mbola handinika tsirairay ireo antontan-taratasy fitarainana voarainy ny Fitarana Avo. Raha ny fantatra dia miisa 10 no fitarainana voarain'izy ireo. Fangatahana fanafoanana voka-pifidianana, fangatahana fanafoanana vato azona antoko iray, fangatahana fanafoanana valim-pifidianana vonjimaika ; ireo raha fintinina no votoatin'ireo fitarainana ireo. Ankoatra izay, manao rano lava ny fiantsoana mpanao gazety etsy sy eroa hanambarana am-pahabemaso fa nisy hala-bato sy hosoka tamina toerana maromaro. Ny Kaomisiaonina rahateo niaiky fa nisy tokoa ny tsy fahatomombanana tamin'ny fikarakarana, ka dia mandray ireo kihana sy soso-kevitra maro samihafa ry zareo mba hanatsarana ny fomba fiasa amin'ny ho avy.

Tsy dia mahagaga ny fandresen'ny antoko Hery Vaovao ho an'ny Madagasikara (HVM), hoy ny **FREE FM**. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe : hahavita hinia mikipy ve ny CENI manoloana ireo fanitsakitsahan-dalàna nisy ? Anisan'ireo nametraka fitoriana, ohatra, ny Tiako I Madagasikara (TIM), ny Miraka Amin'ny Prezidà Rajoelina (MAPAR) ary ny Malagasy Miara-Miainga. Ny MAPAR avy ao Mahajanga dia mangataka ny fanafoanana ny voka-pifidianana tany amin'ny faritra Melaky. Nokihanin'izy ireo tao amin'ny **TV PLUS** ny "fandraisana anjara mavitriky ny Lehiben'ny Distrikan'ny Mahajanga tamin'ny fampielezan-kevitra". Mbola nanamafy ny fisian'ny "fangalarambato sy hosoka" ry zareo tamin'ny alalan'ny **DREAM'IN TV**. Raha ny tatitry ny **M3TV** dia mitarika amin'ny isambato 61,08% ny HVM ao Mahajanga. Anisan'ireo voatonotonona tao amin'ny **M3TV** sy **VIVA TV** ho "nanararao-pahefana ny lehiben'ny distrikan'ny Marovoay, Soalala ary Mampikomy". Nanamafy moa ny filohan'ny HCC, Jean Eric Rakotoarisoa tao amin'ny **KOLO TV** fa folo no fitarainana voarain'izy ireo, saingy mila jerena tsirairay izany mba handiniana izay mety ho fanovana entiny amin'ny valim-pidianana ofisialy. Noho izany dia nangataka tamin'ireo izay nanao fitarainana izy mba hitondra porofo manamarina ny fiampangana. Mitarika ihany koa ny antoko eo

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



amin'ny fitondrana any Toliary, raha araka ny tatitry ny **RADIO SITENY** sy ny **TV SOATALILY**, 68,81% no azony ary manaraka azy amin'ny isam-bato 7,79% ny antoko MIARADIA.

FOTOTRY NY DISADISA

Niteraka savorovoro teto an-drenivohitra ny fifanenjehana nisy teo amin'ireo mpivarotra amon-dalana sy ny mpitandro filaminana. Raha araka ny fantatra dia tokony efa niala teo amin'ny toerana nomena hivarotany nandritra ny tsenan'ny fetin'ny faran'ny taona ireo mpivarotra ny 04 janoary teo. Tsy nanaiky hiala anefa izy ireo, ka izao niteraka korontana izao. Raikitra ny fidinana an-dalam-be sy ny fihantsiana nataon'ny mpivarotra. Tsy niandany ny **FREE FM** raha niresaka ity tranga ity. Samy nomena anjara fitenenana avokoa ny andaniny sy ny ankilany. Raha araky ny voalazan'ny solotenan'ny mpivarotra, dia ny Fivondronana ihany no afaka manala azy ireo eo amin'ny toerany fa tsy ny mpitandro filaminana tsy akory. Nanamafy kosa ny tompon'andraikitry ny serasera eo anivon'ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo fa mbola misy toerana malalaka afaka mandray ireo mpivarotra rehetra eny amin'ireo tsena samihafa eto an-drenivohitra, saingy ireto farany mihitsy no tsy te hofehezina. Nomen'ny **TV PLUS** tombon-dahiny manokana kosa ireo mpitokona. Nisongadina tamin'ny fanadihadiana nataon'ny mpanao gazetiny ny sarin'ireo mpitandro filaminana manenjika ny mpivarotra ; sady ihany koa ny hevitr'ireto farany irey no nampitainy. Nambaran'izy ireo tamin'izany fa miandry ny fahantanterahan'ny toky nomen'ny kaominina Antananarivo renivohitra ry zareo. Somary tsy dia matoky loatra ny amin'ny mety hivahan'ny olana kosa ny fahitalavitra **VIVA**. Tombanany fa ho sarotra ny hampiditra ireo olona tsy zatra nofehezina ireo anatina tsena. Ny mifanohitra amin'izany kosa ny fanehoan-kevitr'i Radonirina Rabenasolo, delege eo anivon'ny kaominina.

FOMBA FAMOAHAM-BAOVAO SY SATAN'NY ASA FANAOVAN-GAZETY

Afaka teo am-pelatanan'ireo mpaka an-keriny i Arnaud, ilay tovolahy zanaka mpandraharaha avy any Toamasina. Raha ny tatitry ny **RNA**, **RMA** ary **TVMT** dia nahazo fanampim-baovao namantarana ny iray amin'ireo ati-doha nikotrika ny fakana an-keriny ny polisy ao Toamasina ny 13 janoary teo. Nisy ary ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta ka lavo tamin'izany i Fredo. Olona valo no efa voasambotra hatreto, raha ny voalazan'ny **TV PLUS**.

Somary miteraka fifanolanana ity raharaha ity. Nilaza manko ny **VIVA TV** ny harivan'ny 12 janoary fa tao an-tranona mpitsara no nahitana an'i Arnaud, raha ny fampitam-baovaon'ny mpanao gazetiny any Toamasina. Vokatr'ity filazana ity ary dia maromaro ireo mpitsara nahazo fandrahonana avy amin'ny mponina ao an-toerana. Noho izany dia nanapa-kevitra hiantso mpanao gazety ny Sendikan'ny mpitsara ary niangavy ny **VIVA TV** mba hifona am-pahabemaso nohon'ny fanaparitahana vaovao tsy marina. Anisany nahavoakihana mafy an'ity fahitalavitra ity ny famoahany vaovao mifanohitra, satria dia nampitainy ihany koa ny fandavana nataon'ny teo anivon'ny Fampanoavana, izay niantso avy hatrany ilay mpanao gazety any Toamasina. Namaly ary ny **VIVA** fa

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



tena fomba fanao amin'ny asa fanaovan-gazety ny famoahana vaovao mifanohitra toy izany. Ekeny anefa fa tokony ho nanamarina tsara ilay vaovao azony tamin'ny solotenany izy.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

